**TENA MAHATOKY ANDRIAMANITRA**

**Sabatan'ny Ankizy 2023**

**Diviziona Amerika Avaratra**
**Depatemantan'ny Ministeran'ny Ankizy**

**ANDININY FOTOTRA**

*"Koa aoka ho fantatrao fa Jehovah Andriamanitrao ihany no Andriamanitra, dia Andriamanitra mahatoky, Izay mitandrina fanekena sy famindram-po amin'izay tia Azy sy mitandrina ny didiny, hatramin'ny taranaka arivo mandimby"* – Deoteronomia 7:9.

**# Manaova ENY amin'i Jesôsy**

Ny Sabatan'ny Ankizy 2023 dia hanampy ny ankizy hahatakatra fa tena mahatoky tokoa Andriamanitra ary homba azy ireo mandrakariva Izy. Mizara telo ny fandaharam-potoan'ny Sabatan'ny Ankizy, izay mifantoka amin'ny fahatokian'Andriamanitra amintsika sy ny fahatokiantsika Aminy!

Lesona iray milaza fa tena mahatoky amintsika tokoa Andriamanitra

Miainga amin'ilay fianarana Baiboly mandritra ny fialan-tsasatra (EBV) 2023 "Fiercely Faithful", izay ahitana fa mitana ny teny fikasany mandrakariva Andriamanitra!
www. adventistvbs.org

**FITAOVANA**
Taratasy kely fanasana
Afisy
Taratasy ho an'ny Pasitora
Karatra fanapahan-kevitra
Toritenin'ny Pasitora (tsy voatery)
Drafitra
**SOLOTENA VONONA HANDRAY ANJARA**
Mpanao fiarahabana
Mpandray anjara amin'ny tantara an-tsehatra
Mpitarika ny fotoam-piderana
Mpitarika ny vavaka
Mpanatitra ny olona eny amin'ny toerany
Olona hafa koa arakaraka ny fampiasana
*Hita ary azo alaina ao amin'ny AdventSource www.adventistvbs.org sy 402.486.8800 ny Mozika CD/DVD an'ny Fiercely Faithful miaraka amin'ireo video.
Azo alaina ao amin'ny *Childmin.org* izany.
**FAMPIDIRANA**

**Nahoana no misy ny Sabatan'ny Baiboly?**

- Fanaraha-maso atao aorian'ny VBS izany. Mifototra amin'ny lohahevitra, ny hira ary ireo fampiasana nanomboka tamin'ny fotoam-pahavaratra ny lahatsoratra.
- Fanompoam-pivavahana hatrehin'ny fiangonana manontolo izany ary mitaky ny fandraisana anjaran'ny sokajin-taona rehetra sy ny fahatakarany.
- Hanome tombontsoa ny ankizy izany hivelaran'ny fahaiza-mitarika ao amin'izy ireo.
- Fomba mahafinaritra izany, mampazoto mandray anjara ary mahaliana, eo amin'ny fanehoana ny filazantsara. Amin'izay ny ankizy dia afaka handray anjara eo amin'ny fitoriana ny filazantsara amin'ny hafa.

**LISITR'IREO FITAOVANA & IREO TOROMARIKA ISAN-KARAZANY**

**FIARAHABANA**

CD/DVD misy ny mozika "Fiercely Faithful" (Tena mahatoky Andriamanitra) – Mandeha amim-pinoana

**ANDININ-TSORATRA MASINA**

Baiboly

**TANTARA AN-TSEHATRA**
**Tantara 1 - Endriny 1: Mila tohatra isika**
Takelaka misy ny soratra hoe "TANDREMO, MISY LAVAKA!" (Apetraho eo ankavian'ny lampihazo ny takelaka mba ho hitan'ny fiangonana)
Tohatra
Mofo sesika (anaty harona plastika)
Fonon-tanana fitondra miasa, fonon-tanana fianihana toerana avo, na fonon-tanana fanaovana fanatanjahan-tena.
Angady
Kofehy (pelote)
**Fizotry ny tantara**
Akanjo ho an'i Constance (rameva)
(*www.adventistvbs.org*)
Mpandray anjara vonona hampiakanjo
Mpanao dia lavitra
Taratasy misy ny lahatsoratra vakin'ny mpandray anjara
**Tantara 1 - Endriny 2: Mila tohatra isika**
Mpandeha lavitra (ML)
Fitaovana ho an'ny Mpanampy 1 (Mp1): fonon-tanana fitondra miasa
Fitaovana ho an'ny Mpanampy 2 (Mp2): angady
Fitaovana ho an'ny Mpanampy 3 (Mp3): kofely (pelote)
**TORITENY FIZARANA 1**
Tampi-maso
Ankizy 3 izay vonona miaraka amin'ny ray aman-dreniny / na mpiahy azy
Olon-dehibe 3 azo antoka ao amin'ny fiangonana (pasitora, loholona, diakona, sns)
**TORITENY FIZARANA 2**
Fitafiana anjely
Tohatra (ilay nampiasaina teo aloha)
Akanjo fitondra tamin'ny andron'ny Baiboly
Biriky simenitra na vato lehibe
Ankizy 1 hatao anjely
Ankizy 1 hatao Jakoba
(Tsy voatery) jirobe ampirehetina eo an-tampon'ny tohatra mandritra ny nofin'i Jakôba
**VAVAKA**
Fitaovana fanadiovana fantsona
Harona plastika
Ankizy 5 hanao ny fanolorana
**TORITENY FIZARANA 3**
Karatra kely misy sarina ondry
Boaty baoritra (boaty baoritra lokoina ho toy ny vaton'ny alitara)
Loko volon-davenona/volon-tany/mainty (handokoana ny boaty baoritra)
Mosoara taratasy mena sy volom-boasary
**TORITENY FIZARANA 5**
Taratasy fanaovana asa tanana
Ankizy 1 hanao fanolorana
MANDRITRA NY HIRA: Vondron'ankizy mpitarika fiderana sy VIDEO misy ny mozika EBV

**FAMPIASANA FANAMPINY (TSY VOATERY)**

Ireto fampiasana manaraka ireto dia azo ampiasaina hampandrosoana ny ministeran'ny ankizy ao amin'ny fiangonanao, ary koa hampandraisana anjara miaraka ny ankizy sy ny fianakaviana ary ny fiangonana.

Fiaraha-misakafo mifantoka amin'ny ankizy. Asao ny fianakaviana ao amin'ny fiangonana hanatanteraka ny fiaraha-misakafo arahin'ireo fampiasana iarahana amin'ny ankizy isaky ny latabatra. (Jereo ny "Andao hisakafo" ao amin'ny takila XXX mba hahazoana hevitra).

Itaro hatrany ivelany ny asa, eny amin'ny toerana fitsangatsanganana ohatra na toerana hafa. Omeo mozika azony alefa ny ankizy, fotoana hanaovana tantara na lalao. Azon'ny ankizy atao ny mandoko sy mizara ireo taratasy kely fanasana, herinandro mialoha.

Mandehana mitsidika toerana fitaizana beantitra ary mety ho tsara indrindra aza ny hanomboka fandaharam-potoana ho azy ireo miaraka amin'ny fitsidihana isaky ny fotoana raikitra.

Tafiditra anatin'ny Sabatan'ny Ankizy koa ny manampy tetikasa hafa momba ny asa fanompoana, atao rehefa Alahady. Tombontsoa ho azy ireo ny hiaraka hanao zavatra hafa ho an'ny olona manodidina, toy ny fanampiana ny olona iray amin'ny fanamboarana ny eo an-tokontaniny na manamboatra bisky ka manatitra izany miaraka amin'ny taratasy kely misy sora-tanana. Ny ankizy izay manatanteraka ireo hetsika ireo, dia tsy hoe mahatsapa fifaliana sy fahafinaretana ary manjary tia manompo fotsiny ihany, fa fifaliana ihany koa no entin'izy ireo ao am-pon'ireo izay anaovany ny asa fanompoana.

**ANDAO HIARAKA HISAKAFO**

**TENA MAHATOKY TOKOA ANDRIAMANITRA!**

Fampiasana izay hampandray anjara ny fiangonana manontolo mandritra na aorian'ny fiaraha-misakafo Sabatan'ny Ankizy.

**FANAINGOANA NY TOERANA:**

Haingoy amin'ny balônina ny efitra hisakafoanana. Mandefasa mozika mandritra ny fiaraha-misakafo. Alefaso ny DVD misy ny mozika EBV "Tena mahatoky tokoa Andriamanitra!"

Asio horonana taratasy Kraft eny ambony latabatra. Asio taratasy manga fanaovana asa tanana eo afovoany, manaraka ny lavan'ny latabatra tsirairay avy. Asio kaopy fitoerana penisilihazo sy fandokoana eo ambony mba hahafahan'ny vahiny manao sary sy manoratsoratra eo amin'ny taratasy Kraft.

**FANAMBOARANA VONINKAZO TARATASY**

**Fitaovana:**

Môdelina voninkazo (4-5 isaky ny latabatra)

Penisilihazo sy/na "feutres"

Hety maranitra

Lakaoly (bâton de colle)

Taratasy Kraft manga hanaingonana ny latabatra (iray isaky ny latabatra)

**TOROMARIKA**

***Omany mialoha:*** *Hetezo araka ny sakan'ny "chemin de table" (lamba lavalava fanao eo ambonin'ny lamban-databatra ho fanaingoana) ny taratasy Kraft manga ary araka ny halavan'ny latabatra. Soraty eo ambonin'ny "chemin de table" tsirairay, amin'ny sora-matavy, ny hoe: Anisan'ny ankohonan'Andriamanitra aho!*

***Hevitra tsara:*** Ataovy dika mitovy ho an'ny latabatra tsirairay ny toromarika ka asio fonony plastika izany:

1. Hetezo ny voninkazo eo amin'ny môdely ka lokoy marevaka. Makà fotoana tsara ary resaho ny amin'ireo voninkazo tsara tarehy noforonin'Andriamanitra mba hifaliantsika! Tena mahatoky tokoa ny Andriamanitsika! Oeee!
2. Ataovy sary ary apetaho eo ambonin'ny "chemin de table" ny tahon-java-maniry iray miaraka amin'ny ravina ahitra vitsivitsy. Aoka hifanampy ianareo. Rehefa izany dia ankasitraho ny asa vitan'ny ankohonanao sy izay vitan'ilay eo akaikinareo!
3. Vita daholo ve? Tsidiho ny latabatra tsirairay ka soraty eo ambonin'ny felam-boninkazo iray na eo akaikiny ny anaranareo. Mety ho azonareo atao ihany koa ny manoratra ny anareo eo ambonin'ny felana hafa isaky ny latabatra. Lazao amin'ilay nanao ny voninkazo hoe "Misaotra anao nanaiky ho isan'ny mpianakavin'ny finoana".

## Volavolay ity fanompoam-pivavahana ity

Volavolay ity fanompoam-pivavahana ity mba ho tombontsoa fanararaotra hanatrarana ny fiarahamonina sy hanehoana ny ankizy sy ny asany. Mba hampiainga ny fandaharam-potoanareo ho an'ny Sabatan'ny ankizy, dia miaraha miasa amin'ny pasitora mba hampivelatra kokoa ny vina ho an'io Sabata io. Mamoria ekipa mba ho azo antoka ny fanaraha-maso ny fandaminana sy ny fanaovana drafitra. Miaraha-mivory matetika araka izay azo atao; hampihena ny hevitra manjavozavo sy ny tsy fahatakarana eo amin'ireo mpitarika izany. Mba hahatonga ny ankizy handray anjara eo amin'ny fanomanana sy ny asa atao eo amin'ny manodidina, dia zarao amin'izy ireo ny "logo" sy ny lohahevitra; resaho ny heviny; ampirisiho ny ankizy hivavaka isan'andro sy handinika tsara ny fomba iantsoan'Andriamanitra azy ireo hiasa ho Azy. Tariho izy ireo hikatsaka an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fandinihana ireo andalan-teny ao amin'ny Baiboly. Raha ny tokony ho izy dia ny tompon'andraikitry ny ankizy no mandamina ny Sabatan'ny Ankizy. Raha tsy nanendry izany tompon'andraikitra izany ny fiangonanareo, dia angataho ny pasitora hanendry olona hanao izany asa izany amin'io andro lehibe io.

- Mba hampahomby tsara ity Sabatan'ny Ankizy ity, dia ataovy azo antoka fa mandray anjara ny pasitoranareo ary mahafantatra tsara ny tsipiriany rehetra momba io Sabata manokana io.
- Omany mialoha ny fanentanana ny fiangonana sy ny fiarahamonina manodidina.
- Atolory ao anatin'ny fanompoam-pivavahana ny praograma.
- Manomàna fiaraha-misakafo manokana ho fanehoana fanajana ny ankizy.
- Manaova drafitra asa fanatrarana ny any ivelany amin'ny fampiasana ny *Real Magazine.*
- Tsidiho ny ***adventsource.com*** hividianana ireo fitaovana fijoroana ho vavolombelona azon'ny ankizy ampiasaina mba hizarana ny finoany.

## MAMETRAPETRAKA NY FOTOANA REHETRA

### Izao ankehitriny izao

Alaivo ao amin'ny ***childmin.com*** ny fitaovana

Manangàna vondrom-bavaka mpanohana ny Sabatan'ny Ankizy.

Manangàna ekipa mpamolavola drafitra, ka tafiditra ao anatin'izany ireo filoha mpitarika ny klioban'ny Mpisavalalana sy ny Mpisantatra, ireo mpitarika ny Sekoly Sabata isan-tsokajiny sy ny Fianarana Baiboly mandritra ny fialantsasatra (EBV).

Fantaro ireo tsipiriany rehetra momba ny hetsika fanatrarana ny any ivelany rehefa tolakandro – ny toerana nofidinareo, ireo mpanohana ara-pitaovana sy ireo olon-dehibe izay hiaraka amin'ny ankizy, sy ny sisa.

Raha misy ankizy miomana ho amin'ny batisa ao amin'ny fiangonanareo, dia miaraha miasa amin'ny fianakaviany sy ny pasitora mba ho tafiditra ao anatin'ny fanompoam-pivavahana amin'io Sabatan'ny Ankizy io ilay batisa.

**Enina herinandro mialoha**

Angataho ny filohan'ny fifandraisana ao amin'ny fiangonanareo hanentana ny fandaharam-potoanareo ao anatin'ny filazan-draharaha, ny gazetim-piangonana, sy ao amin'ny onjam-peon'ny fiangonana. Azo alaina ao amin'ny ***childmin.org*** ireo môdelina karatra kely sy filazana samihafa. Andefaso karatra kely fanasana ahitana ny hoe "Tena mahatoky Andriamanitra" ireo mambra marisarisa (na nihemotra). Izarao karatra kely ny fiangonana ka ampirisiho ny mambra hanasa ireo mpiray vodirindrina sy namana ary havana.

Asaivo manomana fiaraha-misakafo manokana ho an'ny vahiny, aorian'ny fanompoam-pivavahan'ny Sabatan'ny Ankizy, ny ekipa mpandray vahiny ao amin'ny fiangonanareo. (Jereo ireo hevitra azo hanatanterahana ny fiaraha-misakafo ao amin'ny takila XXX).

**Telo herinandro mialoha**

Mametaha afisy "Tena mahatoky Andriamanitra" manodidina ny fiangonana sy ny sekoly.

Ataovy ao anatin'ny filazan-draharahan'ny fiangonana izany isak'ireo herinandro sisa mialoha ny higadonany.

Mitadiava ankizy maromaro hanampy hanao ny filazana amin'ny fomba miavaka kokoa mandritra ny fotoam-pivavahana.

Atombohy ao am-piangonana ny fampiharana ny programa iray manontolo. (Tandremo anefa tsy ho voahazona alina loatra ny ankizy rehefa Zoma.)

Ataovy maty paika tsara ireo tsipiriany farany mikasika ireo asa atao eny amin'ny fiarahamonina.

**Sabatan'ny Ankizy**

Miaraha mivavaka amin'ny ekipanao sy ireo ankizy mialoha ny fandaharam-potoana.

Atolory ao anatin'ny fotoam-pivavahana ny programa.

Manomàna fiaraha-misakafo ho fanehoana fanajana ny ankizy sy ny fianakaviany ary ny vahiny.

Alamino ary ataovy izay hampandeha ny asa hatao eny ivelany amin'ny tolokandron'ny Sabatan'ny Ankizy.

Isaory ny ekipanao sy ireo ankizy noho ny Sabatan'ny Ankizy mahafinaritra nolalovanareo!

**INONA NO ANTON'NY SABATAN'NY ANKIZY?**

**7 OKTOBRA 2023**

**RY PASITORA SY MPIARA-MIASA MALALA AMIN'IZAO ASAN'NY TOMPO IZAO,**

Ny Sabatan'ny Ankizy dia andro natokan'ny fiangonana manerana izao tontolo izao mba hanasongadinana sy hanantitranterana fa fanomezana natolotra antsika ny ankizy ary manana fanomezam-pahasoavana maro koa izy ireo. Andro manokana izany mba hankalazana ny fandraisana anjara mavitrika asehon'ny ankizy eo amin'ny fiainan'ny fiangonana. Afaka manompo amin'ny maha-mpitarika fanompoam-pivavahana ny ankizy, ka ao anatin'izany ny fitorian-teny, ny hira, ny famakiana ny Soratra Masina sy ny fanaovana filazan-draharaha. Andro manokana izy ity, izay tombontsoa fanararaotra lehibe tokoa hanasana ireo namana sy mpiray vodirindrina mba hitondra ny zanany ihany koa. Arakaraka ny handrafetanao sy hanomezanao lanja tsara io andro manokana io no hisian'ny vokatra lehibe kokoa eo amin'ny fiangonanao sy ny fifandraisana amin'ny fiarahamonina manodidina. Fifaliana lehibe ho an'ny Departemantan'ny Ministeran'ny Ankizy NAD tokoa ary tsy handriny ny fotoana hankalazana io Sabata tena miavaka io. Ny 7 Oktôbra 2023 no Sabatan'ny ankizy manerana ny Diviziona Amerika Avaratra amin'ity taona ity. Efa 13 taona izao no nankalazanay ity andro manokana ity. Amin'io Sabata io no hananan'ny ankizy ao amin'ny fiangonantsika ny tombontsoa hizara ny filazantsara amin'ny fomba fiteniny manokana miaraka amin'ny fampiasany ireo talenta izay azy manokana. Mety ho io angamba no andro tsy manam-paharoa ho an'ny ankizy iray izay ho tonga mpampianatra na mpitondra

fiangonana atsy ho atsy, eny, mpitoriteny mihitsy aza, hahafantarany ny antso voalohany atao aminy. Ity ihany koa no tombontsoa lehibe ho an'ireo mpitarika ny ankizy ao amin'ny fiangonanareo hiara-miasa aminao sy hitarika ny ankizy eo am-piarahana mizara ny halalin'ny fitiavan'i Jesôsy avy eny amin'ny polipitra! Misy ihany koa ny fitaovana fanampiny atolotray, dia ny drafitry ny toriteny (jereo t. XXX) izay novolavolaina manokana ho an'ity fotoana ity. Azonao ampiana izany na avela amin'izao. Mety ho ankizy no hanao azy, na tanora, ka hampianarinao tsara izy ireo amin'izany. Manohana anao sy mivavaka ho anao momba io asa io ny Departemanta miadidy ny Ankizy eto amin'ny NAD! Ny Sabatan'ny Ankizy 2023 dia hanamafy ao an-tsain'ny ankizy ao amin'ny fiangonanareo fa na manao ahoana toe-javatra miseho na manao ahoana, dia tena mahatoky tokoa Andriamanitra ary tia azy ireo amin'ny fitiavana maharitra mandrakizay! Sady mitana ny teniny mandrakariva koa Izy! Azo antoka izany!

**Departemantan'ny Ministeran'ny Ankizy**
**Diviziona Amerika Avaratra**

## DRAFITRA ANTSIPIRIANY

### FIARAHABANA

Fotoana mety indrindra ho an'ny Pasitora izao hampahafantarana ireo mpitarika ny ministeran'ny ankizy ao amin'ny fiangonanareo; fankasitrahana mitondra risi-po ho an'ny fanoloran-tenan'ny ekipanao ny faneken'ny olona sy ny fanohanany. Fotoana hampaherezana ny ankizy koa izany amin'ny fandraisany andraikitra amin'ny fanompoam-pivavahana ary mankalaza ny fahaiza-mitarika ananany amin'ny maha mambran'ny fiangonana manan-danja azy.

### VAVAKA FANOKAFANA

Hanomboka amin'ny vavaka fanokafana ataon'ny ankizy iray ny fanompoam-pivavahana. Misy vavaka efa voasoratra mialoha saingy ampirisihina ny fianakaviana sy ny mpitarika ireo ankizy hanampy azy hanoratra vavaka ataon'ny tenany manokana. Ny vavaka dia hanasa an'Andriamanitra hitahy ny tsirairay ao am-piangonana ary hisaotra an'Andriamanitra ny amin'ny fotoam-pivavahana mahafinaritra iarahana.

### FAMAKIANA NY SORATRA MASINA

Asao ny ankizy maromaro hamerina mialoha ny fihetsika maneho ny andininy. Miaraha manao fanazarana amin'ny vondrona hiara-miakatra ny sehatra hiseho amin'ny fiangonana. Ampirisiho ny vondrona hitsiky hatrany amin'ny mpanatrika! Asao ny ankizy hanao izany voalohany, dia asao indray ny mpanatrika hiaraka amin'izy ireo amin'ny faharoa.

### TANTARA FANOKAFANA

Ny tantara aseho dia mifanaraka amin'ny maha-toerana masina ny fiangonana ary mampiditra ny lohahevitry ny fandaharana. Misy endriny roa ilay tantara. Ny iray dia mifandray avy hatrany amin'ilay mpandray anjara ao amin'ny EBV: Constance ilay Rameva ary mila mpandray anjara roa. Ny iray dia manana hafatra mitovy amin'izany ihany saingy mpandray anjara efatra no ilaina. Vakio ireo tantara roa ary safidio izay mifanaraka tsara amin'ny toerana misy anao. Tsarovy fa na ilay voalohany na ilay faharoa no ataonao, ny zava-dehibe dia ny mametraka ny ankizy ho lohalaharana eo amin'ny fanompoam-pivavahana Sabata manontolo.

### FAMINTINANA NY TANTARA

Manazava ny hafatry ny tantara ny famintinana. Mampiditra ny tantaran'ny tohatr'i Jakôba izany ary manondro ny teny fikasana mandrakizay izay nomen'Andriamanitra antsika.

### TORITENY SY HETSIKA ATAO MANDRITRA NY VAVAKA

Mizara 5 ny toriteny, izay samy maneho ampahany amin'ny tantaran'i Jakôba. Ny fizarana tsirairay dia mila ankizy iray handaha-teny na olona iray mavitrika amin'ny fandraisana anjara amin'ny fiangonana sy ny fianakaviany. Misy hira nalaina avy ao amin'ny taridalan'ny EBV "Fiercely Faithful" eo anelanelan'ny fizarana tsirairay.

Safidio mialoha ny mpandaha-teny tsirairay ary angataho ny pasitora, ny loholona ary ny ray aman-dreny hiara-miasa amin'izy ireo mandritra ny fanomanana. Fotoana mahafinaritra hampifandraisana ny mpitarika sy ny ankizy izany!

**FAMARANANA SY ANTSO HO AMIN'NY FANOLORAN-TENA**

Ampirisihina ny pasitora hanome fahafahana ny fiangonana hamaly na amin'ny alalan'ny antso ankapobeny ho amin'ny fanoloran-tena ho mahatoky amin'ny antson'Andriamanitra na antso manokana kokoa ho amin'ny batisa amin'ny maha mariky ny fanoloran-tena manan-danja kokoa izany. Azon'ny pasitora atao ny manao toriteny fohy amin'io fotoana io. Mitaky fifantohana ny amin'ny Faneken'Andriamanitra mandrakizay sy ny fomba anehoan'izany ny fahatokian'Andriamanitra amin'ny fihazonany ny teny fikasany ny drafitry ny toriteny nomena.

**FANASANA HISAKAFO**

Tsy voatery: Fanasana ho amin'ny fiaraha-misakafon'ny ankizy "Andao hisakafo".

Manendre ankizy maro hizara ilay fanasana mba hiara-misakafo amin'izy ireo.

**FANOMPOAM-PIVAVAHANA**

**FIARAHABANA**

Manahoana daholo! Tonga soa amin'izao Sabatan'ny ankizy izao. Faly tokoa izahay fa eto ianao! Anio isika dia hanao fankalazana ny amin'ireo mambra tanora indrindra ato amin'ny fiangonana, amin'ny alalan'ny fanompoam-pivavahana manokana **nokendrena hahatonga antsika ho iray ao anatin'ny fanompoam-pivavahana, ka sady hiaraka hahita isika no hiaraka handre ary hiaraka hanatanteraka.** Fantatsika fa TIA ny ankizy i Jesôsy! Rehefa nihazakazaka ho eo Aminy mba hotsofiny rano izy ireo dia nampahatsiahy ny mpianany i Jesôsy mba hamela ny ankizy madinika hanatona ka tsy handrara azy ireo, fa an'ny toa azy ny fanjakan'Andriamanitra (Mar. 10:13-16). Milaza amintsika koa i Jesôsy fa tokony handray ny fanjakan'Andriamanitra toy ny zaza isika mba hidirana amin'izany. (Mat. 18:3) Amin'ny fihazonantsika ireo fampianarana ireo ao an-tsaina no anasanay anao hiditra amin'ity fanompoam-pivavahana ity amin'ny fon'ny zazakely.

Fomba hafakely no hifampiarahabantsika anio. Hianarantsika fa Andriamanitra dia mahatoky tanteraka ary mihazona mandrakariva ny teny fampanantenany. Firy aminareo no mahatadidy fa nanao fampanantenana tamin'ny ankihikely fony mbola kely? (Miatoa ary jereo ny mpihaino anao. Mitsikia ary manaova fihetsika manaiky amin'ny loha). Ny fampanantenana amin'ny ankihikely dia famantarana eo amin'ny mpinamana izay midika fa zava-dehibe ny fampanantenanao. Andeha isika hampiasa izany ho fampahatsiahivana ny tsirairay ny amin'ny tanjontsika amin'ny fanompoam-pivavahana. Mitodiha amin'izay eo anilanao ka lazao azy hoe TONGA SOA! Mahatoky Andriamanitra! Avy eo dia omeo azy ireo ny teny fikasana tianao indrindra. (asehoy amin'ny alalan'ny fihetsika izany ary omeo fotoana ny fiangonana hifampiarahabany). Mahafinaritra!

Eo am-pisaintsainana ny fahatokian'Andriamanitra sy ny fampanantenana ataontsika dia aoka hotadidintsika mandrakariva ny HITENY HOE ENY AMIN'I JESOSY. Tahaka ny ankizy madinika dia azontsika atao hatrany ny manatona ny seza fiandrianan'Andriamanitra amin'ny maso feno fitalanjonana, fahalianana feno fanetren-tena, hafanam-po miharo hafaliana, ary ny fitiavana sy ny fitokiana tsy azo hozongozonina an'i Kristy, ilay Mpamonjintsika.

Andeha isika hanondrika ny lohantsika raha hanatona Ilay Tompo sy Mpamonjy antsika amin'ny alalan'ny vavaka:

**VAVAKA FANOKAFANA**

*Fanamarihana: Azonao atao ny mangataka ankizy iray hanao ny vavaka fanokafana hanombohana ny fanompoam-pivavahana. Azony atao ny misafidy ny hanoratra ny vavaka ataony na mampiasa ity vavaka voasoratra mialoha eto ambany ity:*

Ray malala ô, misaotra Anao izahay ny amin'ireto olona tafavory androany ireto. Mangataka Anao izahay hiaraka aminay sy hitahy anay raha miara-mivavaka eto. Sokafy ny sofinay handrenesanay ny feonao. Sokafy ny sainay hahazoanay mahatakatra. Sokafy ny fonay hahafahanay mandray ny fitiavanao mahagaga. Fenoy ny fanatrehanao izao fanompoam-pivavahana izao. Amin'ny anara-masin'i Jesôsy no angatahanay izany, Amena.

**NY SORATRA MASINA**

*Fanamarihana: Maro amin'ireo ankizy no hahatadidy ny andininy avy tamin'ny VBS. Asao izy ireo haneho amin'ny fihetsika ny andalan-tSoratra Masina. Manomàna ankizy 3 na 4 hanao fanazaran-tena mialoha ny fotoana. Izy ireo no haneho ny Soratra Masina. Asao izy ireo hanao izany indray mandeha ho an'ny fiangonana, avy eo dia asao ny fiangonana hamerimberina izany. Ataovy azo antoka fa tazan'ny rehetra avy eny amin'ny toerana nametrahana azy ny andalan-tSoratra Masina. Azonao atao ny misafidy ny hampiasa "diapositives numériques" na hangataka ankizy iray hafa hihazona taratasy misy ilay andininy.*

Ny andinin-tSoratra Masina ho antsika dia avy ao amin'ny Deo. 7:9; manome antsika tsipiriany bebe kokoa momba ny fahatokian'Andriamanitra io andininy io. Mampahatsiahy antsika izany hoe hatraiza ny fetran'ny teny fampanantenany. Mitsangàna ary manaova fihetsika miaraka aminay raha miara-mamaky ny andininy isika. (Asehoy ny fihetsika ary avy eo dia miaraha manao izany amin'ny fiangonana.)

**"Koa aoka ho fantatrao** *(kapokapohy moramora ny fihirifana)*
**fa Jehovah Andriamanitrao ihany no Andriamanitra**, *(manondro ny lanitra ny fanondro anankiroa)*
**dia Andriamanitra mahatoky**, *(akombona ny tanana roa)*
**Izay mitandrina fanekena** *(fampanantenana amin'ny ankihikely roa)*
**sy famindrampo amin'izay tia Azy** *(manaova sarina fo amin'ny rantsan-tananao)*
**sy mitandrina ny didiny hatramin'ny taranaka arivo mandimby** *(tanana maneho endrika mivavaka)*
**Deoterônômia 7:9** *(akambano toy ny Baiboly ny tananao)*
Tsy mahatalanjona ve ny mahafantatra fa ny fahatokian'Andriamanitra dia maharitra mandrakizay! Amin'ny taranaka mifandimby dia manjohy antsika hatrany ny fitiavany.
*Mialoha ny fotoana dia henoy ny hira 1: Walking by Faith (Mandeha amim-pinoana)*
HIRA 1 – WALK BY FAITH (Medium Tempo)

**TANTARA 1: MILA TOHATRA IZAHAY!**

**Famintinana**: Mpandeha iray tsy nanam-po no latsaka tao anaty lavaka mampidi-doza. Nanao izay azony natao ireo namany hamonjy azy. Hahita ny fitaovana mety hanavotana azy ve izy ireo?
**Hevi-dehibe**: Nampanantena Andriamanitra fa handefa an'i Jesôsy ho antsika. Hamonjy antsika Izy raha lavo isika.
**FITAOVANA**:
**Famantarana 1**: takelaka misy soratra hoe: "TANDREMO, MISY LAVAKA!" (Apetraho eo ankavian'ny lampihazo ny takelaka mba ho hitan'ny fiangonana)
Tohatra
Mofo sesika (ao anaty harona plastika)
Fonon-tanana fitondra miasa, fonon-tanana fianihana toerana avo, na fonon-tanana fanaovana fanatanjahan-tena.
Angady
Kofehy (pelote)

**FIZOTRY NY TANTARA- ENDRINY 1**
Constance
Mpandeha lavitra
**FIZOTRY NY TANTARA- MISY ENDRINY 2** (manana fitaovana hiasana iray avy ny mpanampy tsirairay)
Mpanao dia lavitra (ML)
Mpanampy 1 (Mp1) Fitaovana: fonon-tanana fiasana
Mpanampy 2 (Mp2) Fitaovana: angady
Mpanampy 3 (Mp3) Fitaovana: kofehy
**Fanamarihana**: *misy endrika roa samihafa ilay tantara. Ilay mpandeha no manana anjara fitenenana betsaka indrindra ao amin'ireo endrika roa ireo. Azonao atao ny misafidy olon-dehibe hanao io mpandray anjara io.*

Mpandray anjara roa no ilaina amin'ny **endriky ny tantara voalohany**. Ao anatin'izany i Constance ilay rameva, mpandray anjara efa mahazatra ny VBS. Raha manana akanjo miendrika rameva avy amin'ny fandaharana fahavaratra ianareo na vitsy ny isan'ny mpanampy dia azonao atao ny mampiasa ny endriky ny tantara voalohany.

**Ny endrika faharoa** dia hafa amin'ilay voalohany saingy ny hafatra dia mitovy ihany. Mila mpanampy 3 izany.

Ny mpanampy tsirairay dia mandray anjara fitenenana fohy ka afaka manao izany ny ankizy rehetra. Na inona na inona endrika safidinao dia aza hadinoina ny mamerimberina izany miaraka matetika amin'ny fanomanana ny fanompoam-pivavahana!

**ILAY TANTARA AMIN'NY ENDRINY VOALOHANY (MIARAKA AMIN'I CONSTANCE ILAY RAMEVA)**

**ML** – (miditra eo amin'ny sehatra miaraka amin'i Constance ilay rameva manaraka avy ato aoriana)
"Constance ô, tena lalana lavitra dia lavitra tokoa iny nataontsika androany iny."
"Ary … mino aho fa mety ho very isika." (somary atosik'i Constance ilay mpandeha sady mingononngonona izy)
"Inona izany ry Constance? Mino ve ianao fa ho tratrantsika tsy ho ela ireo namantsika efa lasa any aloha?"
"Oh … enga anie! Efa andro vitsivitsy izay isika no tafasaraka." (mijerijery ny manodidina sady somary mikimpy ny maso)
(Mihodinkodina i Constance ka mijery ny manodidina azy)
"Tsy hitako na aiza na aiza izy ireo. Hmmm … mety ho ao ambadiky ny lalana manaraka angamba no misy azy." (manomboka manalavitra.)
(Mingononngonona tsy misy toy izany i Constance)
"Fa inona ity ry kala kely?" (Mingononngonona i Constance sady manondro ny takelaka milaza LOZA)
"Izany hono koa? Misy soratra hoe "tandremo, misy lavaka mampidi-doza" io." (Manatokatoka ny lohany i Constance.)
"Oh, aza miadaladala ry Constance, tsy misy hatahorana. Toa tsy mampidi-doza ny lalana …" (manohy ny dia eo amin'ny manodidina, i Constance kosa manaraka avy ao aoriana.)
Hitanao? Tsy misy na inona na inona eto … tsy misy heviny io takelaka io. Tsy misy lavaka akory … AIZA!"
"AAAAAAAAAHHHH" (manaova toy ny olona mianjera eo amin'ny sehatra, mikisaka amin'ny faritra ambany kokoa eo amin'ny tany, na afaka mipetraka eo amin'ny tany ianao/mandohalika. Tokony ho iva noho ireo mpandray anjara hafa rehetra ianao amin'io fotoana io.)
"Oadray marina! Latsaka aho! (miezaka mianika) Tsy afaka mivoaka aho. Andray!"
"O ry Constance a, nahoana ianao no tsy nampitandrina ahy ny amin'ireo loza amin'ity lalana ity!!!"
(Manivingivina ny lohany i Constance)
"Inona no hataoko? (miezaka mianika) Mideza sy lalina loatra ity. Tafahitsoka ato aho … Constance a?"
(Mingononngonona i Constance)

“Izao akỳ a, mila mandeha mitady zavatra hanampiana ahy ianao, izany?
(Mingononongonona i Constance, manatokatoka ny lohany ka miala ny sehatra, miverina miaraka amin’ny fonon-tanana ka manipy izany amin’i ML)
**ML** – “Inona no nentinao ho ahy? (asehoy ireo fonon-tanana) Fonon-tanana fianihana lafo vidy … tena mateza?”
“Ireo ve no tianao hampiasaiko rehefa mianika aho?”
(Manatokatoka ny lohany i Constance)
“Eny àry, toa mafy ny fahitana azy (mampiditra ireo fonon-tanana ary miezaka mianika indray) (misento ary misento hatrany.)
“Malama loatra ireto rindrina. (hoy!) Hmmmm … tokony hanandrana zavatra hafa angamba isika. Manana hevitra hafa ve ianao?”
(Manatokatoka ny lohany i Constance ary mihazakazaka mivoaka ny sehatra; miverina indray miaraka amin’ny angady ka manipy izany amin’ny ML)
**ML** – “Angady? Tsara izany! Hanandrana ny hihady tany aho ka hianika eo amboniny!” (Manandrana mampiasa ilay angady … manatsatoka eo amin’ny tany mafy ny angady. Mamela ny angady hianjera.
“Tsy afaka mangady aho, mafy loatra ny tany! Manana hevitra hafa ve ianao?”
(Mieritreritra mandritra ny fotoana fohy i Constance) hmmmmmm … (mihazakazaka mivoaka ny sehatra ary miverena miaraka amin’ny kofehy)
**ML** – “Io … io ve tsy sombina kofehy (pelote)? (Manatokatoka ny lohany i Constance) Tena izay ve no tianao hatao … Tianao … hamikitra amin’io aho … ary mihevitra ianao fa afaka manafaka ahy ato?”
(Manatokatoka ny lohany i Constance)
“Hmmmmm … azonao antoka ve fa mahazaka ahy io?”
(Mitsambikimbikina i Constance)
**ML** – (misalasala) “eny àry … raha izay no hevitrao …” (mihazona ny tendron’ilay kofehy iray ary i Constance misintona ny tendrony iray.)
**ML** – (Mijoroa amin’ny ankihiben-tongotra) “Iee!!! Mino aho fa mety ity!”
(Manohy misintona i Constance mandra-pahatapak’ilay kofehy. Miara-nianjera izy roa.)
**ML** – “Tena efa kely sisa! Saingy … mbola mihitsoka ato ihany aho. Inona re no hataoko e?”
(Mingononongonona i Constance)
“Ahoana tsara? Tianao hiezaka hatrany aho?”
(Mitsambikimbikina i Constance)
“Eny àry … andao hieritreritra kely indray.”
“Hmmmmm tsy manampy amin’ny fianihana ny fonon-tanana … saingy ahoana raha misy zavatra azontsika anihina? Ary ny angady dia tsy nanampy tamin’ny fihadiana dongona hiakarana avoavo kokoa saingy ahoana raha afaka mahita zavatra afaka mampiainga olona ho ambonimbony kokoa isika? Ary ilay kofehy dia malemy ka tsy afaka nanafaka ahy tato, saingy ahoana raha mahita zavatra mahazaka olona isika?”

(Mitsambikimbikina i Constance ary mingononongonona)
“Manana hevitra ve indry? Tsara izany! Inona ilay izy?”
(Mivoaka ny sehatra i Constance ary miverina miaraka amin’ny tohatra)
**ML** – Eny tokoa! Tohatra! Mafy io … ary matanjaka … ary manampy ahy hianika … hevitra tsara!
(Mampidina ilay tohatra i Constance. Tafavoaka ny lavaka i ML)
“Oay! Vitantsika!”
(Mitsambikimbikina i Constance)
“Misaotra indrindra ry Constance! Ianao no rameva tsara indrindra amin’ireo rehetra manao andiany! Ary jereo … jereo irỳ!! (manondroa ivelan’ny sehatra) ireo ny namantsika!!! Hitantsika izy ireo. Andeha hanenjika azy ireo.” Manomboha mihazakazaka ho any ivelan’ny sehatra…)
(Mingononongonona i Constance. Mandeha mora i ML)
“Eny tokoa … andeha halaintsika ny tohatra … sao dia!”
(Mitondra ilay tohatra mivoaka ny sehatra i Constance sy i ML)

**ILAY TANTARA AMIN’NY ENDRINY FAHAROA (MIARAKA AMIN’NY MPANAMPY)**

**ML** – (Miditra ny sehatra) “Oay! Lalana mahafinaritra loatra ity raha handehanana an-tongotra! Hotrandrahiko ity.” (Mandehandeha kely eo amin’ny sehatra. Mahatsikaritra takelaka eo amin’ny ilany ankavian’ny sehatra izy.)
“Inona ity? Takelaka? Inona no ambarany?” (mijery tsara)
“Loza” (mijery manodidina) Toa tsy misy loza akory ny lalana. Tsy hisy olana.” (Manohy mandehandeha. Mahatsikaritra takelaka eo ankavanan’ny sehatra.)
“Takelaka iray hafa? Inona no lazain’ity iray ity? (mijery tsara) Hmmmmm Mitandrema fa misy lavaka … (mampakatra ny soroka) Azoko antoka fa tsy hisy olana … (mihelina eo amin’ny sehatra) Hitanao? Tsy misy zavatra mampatahotra.”
“Tsy misy lavaka izany … AIZA AAAAAAAAAHHHH.” (Manaova toy ny olona mianjera ivelan’ny sehatra, mikisaka amin’ny faritra ambany kokoa eo amin’ny tany, toerana ahafahanao mipetraka eo amin’ny tany/mandohalika. Tokony ho iva noho ireo mpandray anjara hafa rehetra ianao amin’io fotoana io.)
“Andray! Latsaka aho. (Miezaka mianika) Andray! Tsy afaka mivoaka aho. Andray! RAHA MBA NISY nampitandrina ahy ny amin’ireo loza eny an-dalana mantsy!!! Inona no hataoko? (Miezaha mitsambikina) Mideza sy lalina loatra ity. Mihitsoka ato aho!”
(Miantso) “Vonjeo! Vonjeo! Misy olona ve? Misy mandre ahy ve?”
**Mp1** – (miditra eo amin’ny sehatra)
**ML** – “Manahoana? Eee! Mandre ahy ve ianao?”
**Mp1** – (Mijery manodidina azy ary mihaotraotra loha)
**ML** – “Ato ambany! Ato an-davaka eo ambaninao aho!”
**Mp1** – (mankeo amin’ny “sisin”’ilay lavaka ka mijery ambany.)
**Mp1** – “Oh, manahoana tompoko. Inona no ataonao ao ambany ao?”
**ML** – “Nandeha teo amin’io lalana io aho ka latsaka. Afaka manampy ahy ve ianao?”
**Mp1** – “Efa nanandrana ny niakatra ve ianao?”
**ML** – “Efa nanandrana aho saingy … (miezaka mianika) mideza sy lalina loatra.”
**Mp1** – “hmmmm … Manana zavatra hanafahana anao ao aho. (Mamoaka ireo fonon-tanana avy ao am-paosy ka manipy izany amin’ny tany)
Fonon-tanana fianihana fotsiny ihany ireto, lafo vidy ary mateza. Andramo!”
**ML** – “Eny àry, tena mafy ny fahitana azy ireo. (Mampiditra ny fonon-tanana ary miezaka mivoaka indray (misento hatrany hatrany) Malama loatra ny rindrina.” (hoy!)
**Mp2** – (Miditra eo amin’ny sehatra)
**Mp1** – “Eee! Afaka manampy ahy ve ianao? Mihitsoka amin’ny iray amin’ireo lavaka ity olona ity!”
**Mp2** – Andray! Feno lavaka ity lalana ity!”
**Mp1** – “Izany mihitsy! Manana zavatra azo anampiana azy ve ianao?”
**Mp2** – “hmmmmm (misava ny paosiny ka mamoaka angady) aha! Hanampy azy angamba ity.”
**Mp2** – (miantso an’i ML) “Eeeô! Afaka mampiasa ity ve ianao? (Manipy ny angady ho ao “an-davaka”) Miezaha mangady tany ho tonga dongona ka izany no hampiakatra anao avoavo kokoa ka ho tafavoaka ao ianao!”
**ML** – “Angady? Mety izany! (Miezaka mandavaka amin’ny angady … maka bahana ary manatsatoka ny angady amin’ny tany mafy. Mamela ilay angady hianjera) Tsy afaka mangady aho; mafy loatra ny tany! Manana hevitra hafa ve ianao?”
**Mp1 sy Mp2** – (Mihaotraotra loha sady mieritreritra) “hmmmmm …”
**Mp3** – (Miditra eo amin’ny sehatra ary manatona an’i Mp1 sy Mp2) “Manahoana daholo. Inona no jerenareo?”
**Mp1 sy Mp2** – (miara-miteny) – “Misy olona mihitsoka ato an-davaka.”
**Mp3** – “Oadray! Feno lavaka ity lalana ity!”
**Mp1, Mp2 sy ML** – “Izay mihitsy!”
**Mp1** - Efa niezaka ny nanampy izahay. Manana hevitra ve ianao?
**Mp3** – “Hmmmmm (Misava poketra ary mamoaka kofehy avy ao) aha! Ity angamba no mety.
**Mp3** – (Miantso avy ao an-davaka) “O ry se a. Azonao hazonina ve ity?” (Manipy ny tendron’ilay kofehy ao an-davaka)
**ML** – “Tapa … tapa-kofehy ve ity?”
**Mp3** – “Eny! Hiezaka ny hamoaka anao avy ao izahay. Mamikira!”
**ML** – “hmmmm azonareo antoka ve fa mahazaka ahy ity?”

**Mp3** – “Eny tokoa.”
**ML** – (Misalasala) “Eny àry … raha izany no lazainareo…” (Mandray ilay kofehy)
**Mp3** – “Andao daholo hisintona” (Mp1, Mp2 sy Mp3 mihazona ny tendron-kofehy ilany ary miezaka ny misintona). Maaaafy, alefa (misintona).”
**ML** – (Mijoro amin’ny ankihiben-tongotra) “Oee!!! Mino aho fa mety ity!”
**Mp1, Mp2 ary Mp3** – “Kely sisa! Alefaaa!!” (Tapaka roa ilay kofehy teo amin’ny fisintonana fahatelo. Nianjera avokoa ny rehetra)
**ML** – “Tena efa kely sisa! Saingy … mbola mihitsoka ato ihany aho. Manana soso-kevitra hafa ve ianareo?”
**Mp1** – “hmm, tsy azo nianihana ireo fonon-tanana … saingy ahoana raha mba misy zavatra azo ianihana?”
**Mp2** – “Ary ny angady tsy afaka nangadiana dongona hiakarana, saingy ahoana raha afaka mahita zavatra izay mampiakatra olona ho avoavo kokoa isika?”
**Mp3** – “tsy mafy sy matanjaka afaka misintona olona koa ilay kofehy, ary ahoana raha mahita zavatra mahazaka olona isika?”
**Mp1, Mp2, Mp3** – “HMMMMMMmmmm (mieritreritra mandritra ny fotoana fohy. Miara-miteny izy telo) MILA TOHATRA ISIKA!” (Mivoaka ny sehatra mba hitady tohatra ka mitondra izany).
**Mp1** – “Nahita tohatra ho anao izahay! Hanampy anao hianika izany.”
**Mp2** – “ary hanampy anao ho tafavoaka ny lavaka!”
**Mp3** – “sady mafy sy matanjaka ilay izy!”
**ML** – “Tohatra? Azonareo antoka ve fa mety izany?”
(**Mp1 Mp2 Mp3**) – “Eny! Inty ilay izy (nidina hatrany amin’i ML ilay tohatra. Mianika i ML. Mitehaka ny rehetra)
**ML** – “Oay! Tena misaotra betsaka ny amin’ny fanampianareo rehetra!”
**Mp1** – “Tsy misy fisaorana!”
**Mp2** – “Mbola vonon-kanampy anao izahay amin’ny fotoana rehetra!”
**Mp3** – “Faly izahay fa afaka nanampy anao. Lazao, maniry ny hiara-mandeha aminay ve ianao amin’izao manaraka izao?”
**ML** – “Eny! Hahafinaritra izany! Ho azontsika sorohina angamba ireo fandrika rehetra raha isika efatra no mijery! Oh … (somary menatra) Andeha halaintsika ilay tohatra … sao dia.”
(Mandray ilay tohatra izy 4 ka mitondra izany mivoaka ny sehatra)

**FAMINTINANA NY TANTARA (zaraina aorian’ny fanehoana ny tantara)**

Faly aho fa afaka nivoaka ilay lavaka ny mpandehantsika, sa tsy izany? Izany tantara tsotra izany dia mampiditra antsika amin’ny ampahany manan-danja amin’ny fanompoam-pivavahantsika anio. Tsy afaka nivoaka avy tao an-davaka tamin’ny fampiasana fonon-tanana na nangady tany irery ny mpandehantsika. Rehefa nampiasaina ny kofehy malemy kokoa dia tapaka izany. Tohatra mafy sy matanjaka no hany afaka nanampy.

Ao amin’ny tantaran’i Jakôba, Andriamanitra dia nanome azy nofy ny amin’ny tohatra iray miaraka amin’ny anjely maro miakatra sy midina amin’izany. Narahin’ny teny fampanantenana izany nofy izany. “*Ary, indro, Izaho momba anao ka hiaro anao amin'izay làlan-kalehanao rehetra (…) fa tsy handao anao Aho mandra-panaoko izay voalazako taminao*.” (Gen. 28:15) Nampahatsiahy an’i Jakôba ilay fanekena izay nomeny azy, sy Isaka rainy ary Abrahama raibeny Andriamanitra.

Handre matetika ny teny hoe FANEKENA ianareo anio! Izany no teny ampiasaina hilazana ny teny fikasan’Andriamanitra mandrakizay. Nampanantena Andriamanitra fa raha hanaraka Azy i Abrahama, Isaka ary Jakôba sy hitandrina ny didiny dia homba azy ireo mandrakariva Izy. Ho Andriamanitr’izy ireo Izy ary izy ireo ho olony.

Tsy tonga lafatra i Jakôba ary tsy nahatandrina ny didin’Andriamanitra mandrakariva izy. Ho hitantsika fa nanao hadisoana maro izy ary niatrika fihaikana maro. Na dia tsy nahatoky aza i Jakôba indraindray dia nahatoky taminy hatrany Andriamanitra. Ambonin’izany, nanao ny fanekeny Andriamanitra fa hitahy an’i Jakôba sy ny fianakaviany hatramin’ny taranaka mifandimby ka nomeny azy ireo ny fahafahana ho voavela heloka rehefa manao fahadisoana izy.

Tsy ho an'i Jakôba irery ihany izany teny fikasana izany. Hianarantsika fa namboatra lalana ho antsika koa Andriamanitra. Hatramin'ny taraka misy antsika amin'izao fotoana izao izany fanekeny izany. Hampahatsiahivina antsika fa ny Tenin'Andriamanitra dia mahery sy marina. Tena mahatoky tokoa Izy ary hitana ny teny fikasany MANDRAKARIVA.

*Henoy mialoha ny fotoana ny Hira 2: Fiercely Faithful*

HIRA 2: FIERCELY FAITHFUL

**TORITENY TAPANY 1: NY LAINGA LEHIBE NATAON'I JAKOBA**

**Fitaovana**: lamba kely hanampena-maso

**Fampiharana:**

1. Mifidiana ankizy telo miaraka amin'ireo olon-dehibe (ray aman-dreny, ray aman-drenibe, mpiahy). Azonao atao koa ny manampy olon-dehibe telo hafa izay vonona, toy ny pasitora, ny loholona, ireo diakona, sns.
2. Omeo lamba hanakona-maso ireo ankizy telo nanolo-tena.
3. Asao milahatra eo amin'ny sehatra ireo olon-dehibe telo rehefa hasaina mankeo izy ireo.
4. Hazavao mialoha ilay lalao. Hikasika ny tanan'ireo olon-dehibe ny ankizy tsirairay. Hiezaka hamantatra ny olon-dehibe fantany izy (ray aman-dreniny ohatra) amin'ny fikasihana ny tanana fotsiny ihany. Hijoro eo anilan'ilay olona heveriny ho fantany izy ireo.

Manao ahoana ny fahaizanao manavaka olona? Azonao atao ve ny mamantatra olona iray tianao amin'ny alalan'ny feony fotsiny ihany? Ary raha amin'ny fikasihana fotsiny ihany? Akimpio tsara ny maso ka kasiho ny tananao. Samihafa amin'ny tanan'olon-kafa ve izany? Misy zavatra mampiavaka azy ireo ve? Lava kokoa sa fohy kokoa ny rantsan-tananao? Mafy sa malama ny tananao? Misy holatra na mibontsina ve ny tananao? Manao ahoana ny halavan'ny hohonao? Toy ny ahoana ireo tsipika eo amin'ny felatananao? Azonao tsapaina ve ny dian-tananao?

Toy izany no nanavahan'ny rain'i Jakôba sy i Esao ireo zanany roalahy. Pahina izy rehefa nihantitra ary maro tamin'ireo fandrenesany koa no tsy tomombana intsony. Noho izany dia nangataka azy ireo hanatona azy izy ka notsapainy ny tanan'izy ireo, ny sandriny ary ny tendany. Voloina i Esao ary i Jakôba nalambolambo.

Fomba fanaon'ny raim-pianakaviana tamin'izany fotoana izany ny nitsodrano ny zanany lahy rehefa antitra izy mialoha ny hahafatesany. Efa nihananakaiky izany fotoana hanaovana tsodrano izany saingy fantatr'i Jakôba fa i Esao no tian'i Jakôba kokoa ary azo inoana fa i Esao no handray ny ampahany lehibe indrindra amin'ny tsodrano. Noho izany dia nanangana tetika izy sy i Rebeka renin'izy ireo. Hamitaka ny rainy izy ireo ka hataony izay hinoany fa izy no Esao.

Asao ireo nanolo-tena hanatona. Hanasa olon-dehibe vitsivitsy isika hilahatra eto anoloana. Ho hitantsika raha afaka hamantatra ny ankohonany amin'ny fitsapana ny tanany ireo nanolo-tena (tampeno ny mason'ireo nanolo-tena, afangaroy ireo olon-dehibe, avy eo dia asao ireo nanolo-tena hitsapa ny tanan'ny olon-dehibe tsirairay ary hisafidy izay heveriny ho ankohonany. Mety hila olona ianao hitarika ny ankizy tsirairay mba tsy hianjera izy ireo. Rehefa vonona ny rehetra dia tohizo ny toriteny).

Inona no nataontsika? Andao hasiana topy maso! (Miatoa hiandry fanehoan-kevitra) Mahay daholo ianareo rehetra. Afaka nahita ny fianakaviany ny sasany taminareo. Sahirankirana kely ny sasany. Andeha isika hanontany ireto nanolo-tena hoe inona no nanampy anao hahafantatra ny fianakavianao?/Inona no nampananosarotra anao hahita azy? (Anontanio ny ankizy ny valinteniny.)

Misaotra ny rehetra noho ny fanampiana! (Asaivo miverina amin'ny toerany ireo nanolo-tena). Sarotra iny fampiasana iny satria tsy nisy fanampiana mihitsy. Saingy alao sary an-tsaina ny fahasarotana raha misy olona milaza azy ho ilay olona tadiavinao. Izany no nitranga tamin'i Isaka.

Nilaza tamin'i Esao zanany lahimatoa izy handeha hihaza ka hamboatra ny sakafo tiany indrindra mialoha ny hitsofana rano azy. Nandritra ny fotoana tsy naha teo an'i Esao dia nanampy an'i Jakôba

zanak'izy ireo faralahy hitafy ny akanjon'ny rahalahiny i Rebeka renin'izy ireo; nahandroiny ny sakafo izay nasain'i Isaka karakaraina ary nasiany volon'ondry teo amin'ny sandry sy ny tendan'i Jakôba. Nanatona ny rainy i Jakôba saingy tsy fantatr'i Isaka fa izy io. Nandramany ilay sakafo izay noheveriny fa nomanin'i Esao, henony ny fofon'akanjon'i Esao ary tsapany izay noheveriny ho volovolon'i Esao teo amin'ny sandriny sy ny tendany. Noho izany dia nitsodrano an'i Jakôba izy tamin'ny fieritreretana fa i Esao izany. Tamin'ny nahatongavan'i Esao taorian'izany no vao nahafantarany izay zava-nitranga. Azonao vakina ny tantara ao amin'ny Genesisy 27:30-36.

Vantany vao vitan'i Isaka ny nitsodrano an'i Jakôba ary raha vao nidify an'i Isaka rainy fotsiny i Jakôba dia tonga avy nihaza i Esao. Dia nanao hanim-py koa izy ka nitondra izany ho any amin-drainy; ary izao no nolazainy tamin-drainy: "Aoka hiarina ny raiko ka hihinana amin'ny hazan'ny zanany, mba hitsofan'ny fanahinao rano ahy". Fa hoy Isaka rainy taminy: Iza indray moa hianao? Ary hoy izy: Izaho no Esao zanakao lahimatoa. Ary toran-kovitra indrindra Isaka ka nanao hoe: Iza ary ilay naka haza ka nitondra teto amiko, ary efa nihinanako izany rehetra izany, fony tsy mbola tonga hianao, ka efa notsofiko rano izy."

Nitomany mafy i Isaka sy i Esao satria fantany fa nandainga tamin'izy ireo i Jakôba. Nangalatra ny zavatra izay tsy azy izy. Andro mahatsiravina manao ahoana izany ho an'ny fianakaviana iray manontolo. Tsy maintsy niatrika ny vokatry ny fihetsika nasehony i Jakôba. Nandratra ny fon-drainy izy ary namitaka ny rahalahiny. Nila nampandositra azy ny reniny. Izao no nolazainy taminy: "mandosira ho any amin'ny anadahiko. Ary mitoera any aminy andro vitsivitsy mandra-pahafaky ny fahatezeran'ny rahalahinao."

Mampalahelo fa tsy nahita ny reniny na ny rainy intsony i Jakôba. Maty izy ireo mialoha ny nahafahany niverina indray. Namela ireo fianakaviany ho torotoro i Jakôba ary torotoro ny fon'izy ireo. Tsy nifarana tamin'izany toerana mampalahelo izany anefa ny tantaran'i Jakôba! Teo an-dalam-panatanterahana asa lehibe teo amin'ny fiainan'i Jakôba Andriamanitra. Teo amin'ny fotoana izay hanehoany amin'i Jakôba indrindra Izy fa mahatoky amin'ireo teny fikasany Izy.

**TORITENY TAPANY FAHAROA- TENY FIKASAN'ANDRIAMANITRA TAO ANATY NOFY**

**Zavatra ilaina**:

- Fanadiovana fantsona

- Harona plastika

- fitafian'ny anjely (akanjo lava miloko fotsy na elatra namboarina tao an-trano)

- vato lehibe ("parpaing" no nampiasainay)

*Fanamarihana: raha toa ka betsaka kokoa ny mambra ao am-piangonana dia ataovy maro kokoa ny alitara vita amin'ny baoritra.*

**Fanamboarana ny sehatra**

1. Hetezo ny fanadiovana fantsona, zarao roa ny sasany hatao sisin'ny tohatra. Ary zarao efatra ny sasany ho an'ny zana-tohatra. Ataovy ao anatin'ireo harona plastika ny fanadiovana fantsona lavalava 2 sy fohy 4. Manomàna harona plastika iray ho an'ny mambran'ny fiangonana tsirairay (na harona iray isam-pianakaviana)
2. Apetraho eo afovoan'ny sehatra ilay tohatra. Ataovy eo akaikiny ilay vato lehibe.
3. Mifidiana ankizy roa handray anjara. Ny iray hilalao ny anjara toeran'i Jakôba ary ny iray kosa hilalao ny anjara toeran'ny anjely. Ampahafantaro azy rehefa tokony hiakatra eo aloha izy, sy izay tokony hataony rehefa anjarany ny mankeo aloha. (Jereo ny toromarika eo ambany.)

Mba hahatonga an'i Jakôba soamantsara any amin'ny tranon'i Labana dadatoany, dia tsy maintsy nanao dia lavitra 800km mahery izy ka nandalo tamin'ny toerana mampatahotra izay nisy bibidia sy jiolahy ary tany karakaina. Niala faingana tokoa izy ka tsy nanana ondana andrian'ny lohany akory aza.

Ambaran'ny Baiboly amintsika fa rehefa afaka niala sasatra izy dia reraka loatra ka vato no nataony ondana. (*Mankeo aloha ny ankizy iray mitondra vato, matory ary miondana ilay vato. Anontanio ilay zaza hoe: "manao ahoana ny ondanao?" Omeo fotoana hamaliana izy. Rehefa avy mamaly ilay zaza dia asaivo miverina eny amin'ny toerany*).

Tsy mampahazo aina ny vato atao ondana! Kanefa izay ihany no nananan'i Jakôba tamin'izany fotoana izany. Tamin'io alina io, dia nanome nofy manokana an'i Jakôba Andriamanitra, nanonofy tohatra iray izy (*tondroy ilay tohatra eo aloha*). Lava be io tohatra io, avy eo amin'ny tany hatrany an-danitra ny halavany. Teo amin'izany tohatra izany, dia nisy anjely maro niakatra sy nidina (*mipetraka eo amin'ny zana-tohatra voalohany ny ankizy manao fitafian'anjely ary manofahofa tanana*).

Niteny tamin'i Jakôba Andriamanitra tao anatin'ilay nofy. Andeha hojerentsika izay nambarany ao amin'ny Gen. 28:13 sy 15.

***"Izaho no Jehovah, Andriamanitr'i Abrahama rainao sy Andriamanitr'Isaka; ny tany izay andrianao dia homeko anao sy ny taranakao; ary ny taranakao ho be tahaka ny vovoka amin'ny tany; dia hiely any andrefana sy any atsinanana ary any avaratra sy any atsimo hianao; ary aminao sy ny taranakao no hitahiana ny firenena rehetra ambonin'ny tany. Ary, indro, Izaho momba anao ka hiaro anao amin'izay làlan-kalehanao rehetra ary hampody anao indray ho amin'ity tany ity; fa tsy handao anao Aho mandrapanaoko izay voalazako taminao."***

Nony nifoha i Jakôba dia fantany fa nanatrika azy teo Andriamanitra, izao no nolazainy (miteny mafy am-pifaliana ilay ankizy mitana ny anjara toeran'i Jakôba) "Eto Jehôvah! Eto amin'ity toerana ity Izy kanefa tsy fantatro akory izany"

Tian'i Jakôba hotsaroana ilay teny fikasana tao amin'ilay nofiny, ka nalainy ilay vato nataony ondana, natsangany izany ka nanjary tahaka ny tsangam-bato, ary nandraraka menaka oliva teo izy ho fanatitra.

(*Atsangan'ilay ankizy milalao ny anjara toeran'i Jakôba ilay vato. Afaka miala eo amin'ny sehatra amin'izay ilay ankizy roa milalao ny anjara toeran'i Jakôba sy ny anjely*).

Raha jerena ireo toe-javatra rehetra nolalovany dia azo inoana fa nieritreritra zavatra marobe i Jakôba teny am-pandehanana. Azo antoka fa nampitebiteby azy fatratra ny toe-javatra niainany. Niditra an-tsehatra anefa Andriamanitra mba hanome toky azy fa mbola momba azy Izy!

Voalohany, dia nampahatsiahiviny an'i Jakôba fa Izy ihany Ilay Andriamanitra izay niankohofan'i Isaka rainy sy i Abrahama raibeny. Avy eo dia nomeny azy ny teny fikasana izay nomeny ny rainy sy ny raibeny.

**"*Ary aminao sy ny taranakao no hitahiana ny firenena rehetra ambonin'ny tany. Ary, indro, Izaho momba anao (…) fa tsy handao anao Aho."***

Nambaran'Andriamanitra tamin'i Jakôba ny zavatra iray izay mitranga mandrakariva: na dia eo aza ny zavatra izay mety ataontsika dia hiasa mandrakariva Andriamanitra, manokatra lalana ho antsika mba hifandraintsika akaiky Aminy. Na dia tsy mendrika izany aza i Jakôba, dia nandefa hafatra manokana ho azy mivantana Andriamanitra mba hampahery azy.

Vaovao mahafaly ho antsika izany fanomezan-toky izany, isika izay mety manao fahadisoana na koa mandalo toe-java-tsarotra izay mampatahotra. Nampanantena Andriamanitra fa ho mahatoky amin'ireo izay manara-dia Azy. Manatsotra ny tanany handray antsika Izy. Mamela ny helotsika Izy, ary mamelona sy manohana antsika.

Omano sahady ny hira 3

**Hira 3- Comfort** (aorian'ny tantaran'ny tohatr'i Jakôba)

**FOTOAM-BAVAKA- TOHATRA VITA AMIN'NY FANADIOVANA FANTSONA**

**ANKIZY MPANOLOTRA 1 (FANOMBOHANA SY FAMARANANA)**

Anio isika dia hahatsiaro ny teny fikasan'Andriamanitra ao anatin'ny fotoam-bavaka. (Atolory ireo harona plastika misy fanadiovana fantsona. Omeo iray ny tsirairay).

Samy hahazo harona misy ireo fitaovana hanamboarana tohatra ny tsirairay avy aminareo. Hanaovana ny sisin'ny tohatra ireo fanadiovana fantsona lava ary ny fanadiovana fantsona efatra izay fohy kosa dia hanaovana ny zana-tohatra. (Hazony ny tohatra namboarina tamin'ny fanadiovana fantsona mba hahitan'ny rehetra izany, azonao atao eo amin'ny "écran" koa ny sarin'ilay tohatra).

Ambaran'ny Baiboly amintsika fa mandre antsika Andriamanitra rehefa miantso Azy isika: izao no voalazan'ny 1 Jao. 5:14: "*Ary izao no fahasahiana ananantsika eo anatrehany: Raha mangataka zavatra araka ny sitrapony isika, dia mihaino antsika Izy*." Andeha isika hiaraka hanamboatra ilay tohatra raha eo am-pivavahana sy eo am-piantsoana an'Andriamanitra.

**ANKIZY MPANOLOTRA 2 (VAVAKA FANGATAHANA FANAMPIANA)**

Afatory eo amin'ny tohatrao ny zana-tohatra voalohany (manaova ohatra maneho izany).

Rehefa manao izany ianao, dia mieritrereta zavatra iray ilanao fanampiana. Mety mila fanampiana ianao amin'ny zavatra tokony hataonao, mety hitady zavatra very, na koa mila fanampiana amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra. Manokàna fotoana hiresahana amin'Andriamanitra momba ny zavatra ilanao fanampiana.

Omeko fotoana hivavahana irery na miaraka amin'ny ankohonanao ianao, dia hiaraka hivavaka isika avy eo. (Miatoa kely ary manomeza fotoana kely mialoha ny hivavahana. Mety hanomana vavaka manokana ianao na hanao izao vavaka manaraka izao).

**"Miantso anao izahay anio Andriamanitra ô, mba hangataka ny fanampianao. Mivavaka izahay mba hikarakaranao anay amin'ny fotoana manahirana anay. Misaotra anao noho ny valim-bavaka homenao araka ny sitraponao. Amena."**

**ANKIZY MPANOLOTRA 3 (VAVAKA FIZARANA NY FIHETSEHAMPONAO)**

Afatory amin'ny tohatra ny zana-tohatrao faharoa. Rehefa manao izany ianao, dia saino ny fihetsehamponao. Faly tokoa angamba ianao eto anio. Mety malahelo na koa malahelo olona iray. Mety tezitra angamba ianao satria nisy zavatra nandratra anao. Na inona na inona fihetsehamponao, dia manokàna fotoana hiresahana amin'Andriamanitra momba ireny fihetsehampo ireny. Miresaha Aminy ary aza misy afenina Azy.

Omeko fotoana hivavahana irery na miaraka amin'ny ankohonanao ianao, dia hiaraka hivavaka isika avy eo. (Miatoa kely ary manomeza fotoana kely mialoha ny hivavahana. Mety hanomana vavaka manokana ianao na hanao izao vavaka manaraka izao).

**"Andriamanitra ô! Miantso Anao izahay anio mba hizaranay ireo fihetsehampo ao anatinay. Mangataka izahay mba hampaherezanao anay rehefa malahelo izahay, mba hiara-hifaly aminay rehefa faly izahay, mba hanome anay fiadanana rehefa matahotra izahay. Misaotra Anao noho ny fahafantaranao sy ny fandrenesanao ireo fihetsehamponay rehetra. Amena."**

**ANKIZY MPANOLOTRA 4 (VAVAKA FANGATAHANA FITAHIANA)**

Afatory amin'ny tohatra ny zana-tohatrao fahatelo. Rehefa manao izany ianao dia eritrereto ny olona manokana aminao.

Mety olona iray ao amin'ny fianakaviana izany

Mety ny namanao izany

Mety ny mpitarika iray izany

Mety mahafantatra olona marary na mila fanasitranana ianao

Mety misy olona fantatrao mila fampaherezana. Manokàna fotoana hangatahana fitahiana ho an'izany olona izany.

Omeko fotoana hivavahana irery na miaraka amin’ny ankohonanao ianao, dia hiaraka hivavaka isika avy eo. (Miatoa kely ary manomeza fotoana kely mialoha ny hivavahana. Mety hanomana vavaka manokana ianao na hanao izao vavaka manaraka izao).

**“Andriamanitra ô! Miantso anao izahay anio, mivavaka ho an’ireo olona manokana aminay. Angatahanay ny hanasitrananao ireo marary, sy hiarovanao ireo olona tianay. Aoka Ianao homba ireo izay mila Anao indrindra. Misaotra Anao noho ny fikarakaranao azy ireny. Amena.”**

**ANKIZY MPANOLOTRA 5 (VAVAKA FISAORANA SY FIDERANA)**

Afatory amin’ny tohatra ny zana-tohatrao fahefatra. Rehefa manao izany ianao, dia eritrereto ireo zavatra rehetra mahavelom-pisaorana anao. Mety velom-pisaorana noho ireo fitahian’Andriamanitra ianao, mety nanampy anao niatrika zava-tsarotra Andriamanitra, mety velom-pisaorana ianao satria nomen’Andriamanitra tokantrano milamina. Mety velom-pisaorana ianao satria salama. Manokàna fotoana hisaorana an’Andriamanitra noho izay rehetra eritreretinao.

(Miatoa kely ary manomeza fotoana kely mialoha ny hivavahana. Mety hanomana vavaka manokana ianao na hanao izao vavaka manaraka izao).

**“Andriamanitra ô! Miantso Anao izahay anio mba hisaotra Anao. Misaotra Anao izahay noho ny zavatra rehetra nomenao anay. Misaotra Anao izahay noho ny fikarakarana anay. Misaotra noho ny fitiavanao anay. Andriamanitra mahatalanjona sy mahagaga tokoa Ianao. Midera Anao izahay anio. Amena.”**

**ANKIZY MPANOLOTRA 1 (FANOMBOHANA SY FAMARANANA)**

Rehefa avy nanangana ilay vato i Jakôba dia nandraraka diloilo teo amboniny mba hahatsiarovany ny zavatra nataon’Andriamanitra, nomeny anarana hoe Betela izany toerana izany. Ny hoe Betela dia midika hoe “tranon’Andriamanitra”. Takatr’i Jakôba tamin’izay fa momba azy Andriamanitra ka nanohy ny diany izy, natoky tanteraka ny fahatokian’Andriamanitra.

Ento miaraka aminao ilay tohatra kelin’ny vavaka namboarina. Azonao atao ao anatin’ny Baiboly na ao anatin’ny paosinao izany, ary azonao tehirizina ho fampahatsiahivana fa miaraka aminao mandrakariva Andriamanitra eo amin’ny dia izay ataonao. Mandre ny vavakao Izy ary homba anao any amin’izay rehetra alehanao.

**TORITENY TAPANY FAHATELO- NY ASA MAFY TAO AMIN’I LABANA**

Zavatra ilaina: karatra misy sarim-biby (jereo ny toromarika ao amin’ny lahatsoratra= 1 isam-pianakaviana)

Baoritra anamboarana alitara (jereo ny sary)

Taratasy miloko mena sy volon-daoranjy

Boaty baoritra nolokoina hitovy amin’ny vato

*Fanamboarana*

1. Apetraho eo anoloan’ny fiangonana ireo baoritra anaovana alitara. Raha marobe ny mambra ao am-piangonana dia apetraho eny amin’ny toerana samy hafa ireo baoritra.
2. Omeo karazana karatra misy sarim-biby ny fianakaviana tsirairay

Nandeha nankany amin’i Labana dadatoany i Jakôba mba honina any mandritra ny 20 taona. Nanaiky hiasa ho an’i Labana izy, ho mpiandry ny ondriny, kanefa novan’i Labana hatrany ny fifanarahan’izy ireo.

Voalohany, dia nanaiky ny hanambadian’i Jakôba an-dRahely, zanany faravavy izy, raha miasa ho azy mandritra ny 7 taona i Jakôba. Rehefa tapitra anefa ny 7 taona, dia nofitahin’i Labana i Jakôba ka nambarany taminy fa i Lea zanany vavimatoa no tsy maintsy manambady aloha. Nasainy niasa nandritra ny 7 taona indray i Jakôba mba hahafahany manambady an-dRahely. Nihanitombo ny

fiakavian'i Jakôba, tonga 13 isa ny zanany! Nanomankomana ny hifindra monina i Jakôba, hitan'i Labana anefa fa nitahy ny asan'i Jakôba Andriamanitra. Tsy tiany hiala teo aminy i Jakôba ka novany intelo ny fitsipika nifanarahan'izy ireo. Hita ao amin'ny Gen. 30, manomboka eo amin'ny and. 27 izany tantara izany. Andeha hiarahantsika mamaky ny andalan-teny sasany:

***"Ary hoy Labana taminy: Masìna hianao, raha nahita fitia eo imasonao aho, mitoera eto amiko, efa namantatra aho, ka fantatro fa avy taminao no nitahian'i Jehovah ahy. Ary hoy koa izy: Tonony izay ho karamanao, dia homeko anao."***

Nangataka ny hiandry ny andian'ondrin'i Labana sasany i Jakôba ho karamany. (zarao ny karatra misy sarin'ondry)

Samy efa nahazo ny andian'ondriny ny tsirairay avy aminareo. Manana ondry fotsy ianareo, ny ondry mara, ny ondry sada ary ny ondry mainty. Ampifangaroy ireo ondrinareo. Izaho no mody hanao Labana ary ianareo kosa Jakôba.

Apetraho amin'ny tany ny ondrinareo rehetra. Rehefa izay dia avadiho izany, raha mahita ondry mara ianareo dia alaivo izany, izany no karamanareo. (omeo fotoana hitadiavany ny ondry mara ny fianakaviana)

Hmm… Hitako fa lasa be dia be ny ondry mara hitanareo! Apetraho daholo indray ireo karatra misy sarin'ondry. Izao indray àry, izay ondry sada no hazony ho anareo, izany no ho karamanareo. (Omeo fotoana hitadiavany ny ondry sada ny fianakaviana)

Hmm… Lasa be loatra indray ny ondry sadanareo! Apetraho daholo indray ireo karatra misy sarin'ondry. Izao indray àry, ny ondry mainty no hazony ho anareo, izany no ho karamanareo. (Omeo fotoana hitadiavany ny ondry mainty ny fianakaviana)

Hmm… Lasa be dia be indray ny ondry maintinareo! Apetraho indray ireo karatra rehetra. Ondry sada iray sy ondry mara iray ary ondry mainty iray no tano ho anareo. Izany no ho karamanareo (Omeo fotoana hitadiavany iray avy amin'ireo ny fianakaviana)

Nanao ahoana ny fanavahana ireo ondry? Sarotra ny nanavaka ny ondry rehefa novaovana ny fitsipika. Tsy indray mandeha, na indroa, na intelo no nanovan'i Labana ny fitsipika momba ny karaman'i Jakôba fa impolo! Alao sary an-tsaina hoe nanao ahoana izany voafitaka imbetsaka izany kanefa efa niasa mafy araka izay azo natao!

Hitan'Andriamanitra ny zavatra nitranga, ka nanome nofy i ray hafa an'i Jakôba Izy. Nanome toromarika an'i Jakôba Izy mba hiverina any amin'ny tanindrazany, ary nampahatsiahiviny an'i Jakôba ny teny fikasana nomeny azy tany Betela. "Homba anao Aho. Izaho ho Andriamanitrao ary ianao ho oloko."

Natahotra i Jakôba andrao tsy hamela azy hiala teo i Labana, ka nandositra mangingina niaraka tamin'ny fianakaviany izy. Rehefa nanenjika azy i Labana dia nahatratra azy fito andro taty aoriana. Na dia tezitra mafy tamin'i Jakôba aza izy dia nampitandrina azy Andriamanitra mba tsy hanisy ratsy an'i Jakôba. Niaraka nanangana alitara i Labana sy i Jakôba, ary nifanaiky fa tsy hifanitsy ratsy.

Hita ao amin'ny Gen. 31:49 ny vavaka nataon'izy ireo.

***"Jehovah hitazana ahy sy ianao, rehefa tsy mifankahita isika."***

Mety misy zavatra tianao hozaraina momba izay toe-javatra sarotra nolalovanao. Mety nisy olona nandratra anao, na koa nisy toe-javatra tsy ara-drariny niseho taminao.

Mety miatrika fiovana lehibe ianao, tahaka izay nahazo an'i Jakôba.

Fantatr'Andriamanitra ireny zavatra ireny, ary manome toky Izy fa hanome anao fiadanana rehefa mandalo amin'ireny ianao. Safidio ny karatra misy ondrinao, ento izany ary ataovy eo ambonin'ny alitara eo aloha. Afaka mampiasa penina na penisilihazo ianao hanoratana eo amin'ny karatrao.

(Mandefasa hira malefaka raha mametraka ny karany eo ambonin'ny alitara ny mpiangona, rehefa izay dia manonòna vavaka eo ambonin'ny alitara. Azonao atao ny manonona vavaka manokana na koa mampiasa ny vavaka atao ohatra eo ambany)

Andeha isika hiaraka hivavaka.

**"Andriamanitra ô! Mivavaka izahay mba hanomezanao anay fiadanana rehefa ao anatin'ny fotoana mampahory izahay. Mangataka izahay mba homba anay Ianao ary hiahy anay amin'izay ilainay rehetra. Amena."**

Rehefa avy niaraka nianiana i Labana sy i Jakôba, dia niaraka nisakafo ny fianakavian'izy ireo ary nanao veloma ireo zanany i Labana no sady nitso-drano azy ireo. Samy niaiky i Labana sy i Jakôba fa miasa Andriamanitra. Nandritra ny taona maro dia nantsoin'ny olona hoe "Mizpa" izany toerana izany, izay midika hoe "ilay toeran'ny tsodrano". Novan'Andriamanitra ho fotoam-piadanana ny toe-javatra izay saika nampidi-doza.

**TORITENY TAPANY FAHEFATRA- MITOLONA AMIN'ANDRIAMANITRA**

Ny ampahany manaraka amin'ny tantaran'i Jakôba no iray amin'ny tolona lehibe indrindra teo amin'ny tantara! Mialoha ny hitantarako aminareo ny momba ny tolon'i Jakôba anefa dia andeha isika hanao tolona ifaninanana!

Mifidiana namana ny tsirairay aminareo. Rehefa miteny aho hoe "alefaso", dia ampifandraiso tahaka izao ny rantsan-tananareo ary ampiadio ny ankihibenareo. Isaintsika hatramin'ny 35 segôndra ny faharetany. Isa, roa, telo… Alefa! (Avelao hampiady ankihibe ny ankizy)

Nahatosika ny ankihiben'ny namany ve ny iray aminareo? Nisy taminareo ve nitolona tamin'ny olona kely kokoa na lehibe kokoa noho izy? Ahoana raha toa asaina manao tolona tahaka izany ianareo mandritra ny alina?

Samy hafa tanteraka tamin'izay nataonareo ny tolona nataon'i Jakôba, satria Andriamanitra mihitsy no nitolomany!

Tamin'ny fotoana nifindran'i Jakôba indray no nisehoan'izany. Niala teo Mizpa indray izy izao hankany amin'ny tany niaviany. Nahazo harena be izy tany an-tranon'i Labana dadatoany, mbola natahotra ihany anefa izy raha hiatrika ny lasany. Tadidio fa nandainga tamin'ny rahalahiny sy ny rainy izy, nangalariny ny tsodrano tokony ho an'ny rahalahiny. Tezitra mafy taminy i Esao rahalahiny tamin'ny fotoana farany nahitan'i Jakôba azy. Tezitra mafy tokoa ka naniry ny hamono azy!

Nanana drafitra i Jakôba. Nandefa iraka izy mba hijery raha toa efa akaiky i Esao. Niverina ireo iraka ary nilaza taminy fa hitsena azy miaraka amin'ny 400 lahy i Esao. Naniry ny hampitony ny fahatezeran'i Esao i Jakôba ka nampitondra fanomezana marobe: rameva, andian'ondry, omby marobe ary ampondra, ho an'ny rahalahiny. Rehefa izay dia nozarainy ho roa ny ankohonany. Noheveriny fa raha samborin'i Esao ny tarika voalohany dia afaka handositra ny ambiny.

Tsy niala teo amin'izay nisy azy i Jakôba raha nilatsaka ny alina. Raha nijanona irery izy dia nisy olona nipoitra sy nitolona taminy mandra-paharainan'ny andro. Nokasihin'ilay Lehilahy mihitsy aza ny foto-pen'i Jakôba ka nivika.

Mbola nitolona ihany anefa i Jakôba. Hoy ilay Lehilahy: "Avelao Aho handeha!"

Azo antoka fa nony fantatr'i Jakôba hoe Iza no nitolona taminy dia izao no navaliny: "Tsy havelako handeha Hianao, raha tsy tahinao aho."

Hoy ilay Lehilahy taminy: "Iza no anaranao?"

"Jakôba"

Hoy ilay Lehilahy taminy: "Tsy atao hoe Jakôba intsony ny anaranao fa Isiraely!"

Nony maraina dia nandringa i Jakôba raha niampita ny renirano, ary nialoha lalana ireo ankohonany sy ireo fananany izy. Voaova izy! I Jakôba no nialoha lalana ny rehetra mba hihaona amin'i Esao. Nihazakazaka nankeo amin'i Jakôba i Esao, ary samy nitomany izy ireo, nifanoroka sy nifamihina! Nihavana indray i Jakôba sy ny fianakaviany. Tonga soa tao an-tranony ihany izy nony farany.

Nandritra ny androm-piainany sisa no nitondran'i Jakôba ilay tongony nandringa, ary nentiny ny anarana Isiraely ho teny fikasana mandrakizay fa nitolona tamin'Andriamanitra izy, ary velona sy nandray ny fitahiany.

*Omano sahady ny hira 1: walking by faith*

Hira 4- NAMES (anarana)

**TORITENY TAPANY FAHADIMY- ILAY KRISTY AO AMIN'NY TENY FIKASANA**

**Ankizy mpanolotra**

Rehefa avy nitolona tamin'Andriamanitra i Jakôba dia nahatsiaro ny teny fikasan'Andriamanitra. Ho vahoakan'Andriamanitra ny ankohonany ary i Jehôvah ho Andriamaniny. Homba azy ireo mandrakariva Izy. Naharitra teo amin'ireo taranaka nifandimby izany teny fikasana izany.

Voalohany dia nomena an'i Abrahama izany, avy eo nomena an'i Isaka, ary nomena an'i Jakôba sy ireo zanany, nomena ireo zafiny, ary ireo zafikeliny sy ireo taranany.

Raha manaraka ny tantaran'ny fianakavian'i Jakôba manontolo ao amin'ny Baiboly ianao, dia ho hitanao fa firenena lehibe no nipoitra avy taminy. Nantsoina hoe firenen'i Isiraely izy ireo, mitovy amin'ny anarana izay nomen'Andriamanitra an'i Jakôba.

Nahoana moa izany no zava-dehibe ho antsika?

Satria isika koa dia nandova ny teny fikasana izay nomena an'i Jakôba sy ny fianakaviany. Mety ho Andriamanitsika i Jehôvah ary isika ho olony. Homba antsika Izy ary hitahy antsika raha manara-dia Azy isika.

Tsaroanareo ve ny tantaran'ilay tohatra tao anatin'ny nofin'i Jakôba? Izany tohatra izany dia nentina naneho fa hanao lalana ho an'i Jakôba Andriamanitra mba hiarahana aminy.

Inona no mampifandray antsika amin'Andriamanitra amin'izao fotoana izao? (*Manamboara fiaramanidina amin'ny taratasy*)

Mety afaka hitondra antsika hanidina izany (*ataovy toy ny hoe manidina ilay fiaramanidina)*

Hatraiza no azon'ny fiaramanidina aleha? Araka ny hevitrao, afaka mitondra antsika any amin'ny toerana misy an'Andriamanitra ve izany? Tsia… Tsy afaka manao izany ny fiaramanidina.

Mety mila zavatra matanjaka kokoa noho izany isika. (*Mandrovita taratasy ary manaova bala afomanga*). Ahoana ny momba ny bala afomanga? Hatraiza no tongantsika amin'izany? Araka ny hevitrareo, mahavita manatratra ny misy an'Andriamanitra ve isika raha mandeha bala afomanga?

(3…2…1… alefa! Akaro toy ny hiakatra ho any an-danitra ilay bala afomanga) Tsia, tsy tody any ihany koa ny bala afomanga.

Mino aho fa zavatra matanjaka kokoa noho ny tohatra sy ny fiaramanidina ary ny bala afomanga no ilaintsika.

(Sokafy ilay hazo fijaliana vita amin'ny taratasy) Ao amin'ny Jao. 14:6 dia milaza i Jesôsy fa Izy no lalana sy fahamarinana ary fiainana, ary tsy misy mankany amin'Andriamanitra raha tsy amin'ny alalany.

Maty teo amin'ny hazofijaliana vita amin'ny hazo manana endrika tahaka ity i Jesôsy.

Tany aloha tany dia endri-pamaizana ho an'ny mpanao heloka ratsy indrindra ny hazo fijaliana, tsy olo-meloka anefa i Jesôsy. Nifidy ny ho tonga ety an-tany Izy mba haneho ny fahamarinana

amintsika. Tsy mba nanota Izy na dia indray mandeha monja aza fony tety. Ny fahotana no mampisaraka antsika amin'Andriamanitra, ny faharatsiana rehetra eto an-tany izany.

Ambaran'ny Baiboly amintsika ao amin'ny Rôm. 6:23 fa ny fahafatesana no tambin'ny ota, fa ao amin'i Kristy Jesôsy kosa no misy ilay fanomezana feno ny fahasoavan'Andriamanitra, dia ny fiainana mandrakizay.

Raha teo amin'ny hazo fijaliana i Jesôsy dia nentiny ny fahotan'izao tontolo rehetra izao mba tsy ho tafasaraka amin'Andriamanitra intsony isika. Noraisiny ho an'ny Tenany noho ny amintsika ny famaizana, dia ny fahafatesana izany.

Hoy ny Baiboly ao amin'ny 1 Jao. 1:9:

***"Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina Izy ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin'ny tsi-fahamarinana rehetra."***

Rehefa mino sy manaiky isika fa maty noho otantsika Izy dia azontsika atao mandrakariva ny mangataka famelan-keloka. Ho mahatoky Andriamanitra ka hanaisotra ireny fahotana ireny.

Tsy lehilahy tonga lafatra i Jakôba. Hitantsika anefa fa nanaraka azy ny fahatokian'Andriamanitra, ary niova izy noho ny fitiavan'Andriamanitra. Nandainga sy nangalatra tao an-tokantranony izy, kanefa **namela ny helony Andriamanitra**. Nandositra irery izy, kanefa **nomba azy Andriamanitra**. Nofitahin'ny dadatoany izy, kanefa **nanome harena ho azy Andriamanitra**. Nitolona tamin'ny lasany izy, kanefa **nanome azy anarana vaovao Andriamanitra**.

Tao anatin'izany toe-javatra rehetra izany dia nitoetra hatrany ny teny fikasan'Andriamanitra. "Homba anareo aho na aiza na aiza alehanareo. Izaho ho Andriamanitrareo ary ianareo ho oloko raha manaraka Ahy."

Tahaka izany koa no teny fikasan'ny hazo fijaliana (asaivo mitazona ireo litera vita amin'ny taratasy norovitina ny ankizy. Aoka izany hanome soratra hoe "FIAINANA")

Tsy tonga lafatra isika fa **Andriamanitra no tonga lafatra**. Mety hanota isika kanefa **hamela ny helotsika Andriamanitra**. Mety misy fotoana ahatsiarovantsika ho irery kanefa **miaraka amintsika Andriamanitra**. Mety mandalo toe-java-tsarotra isika izay hamitahan'ny hafa antsika, kanefa **Andriamanitra hanome izay ilaintsika**. Mety nanao fahadisoana isika tamin'ny lasa, kanefa **Andriamanitra hanome antsika FIAINANA vaovao**.

Andriamanitra sy Jesôsy no lalana… sy fahamarinana ary FIAINANA.

Ilay Andriamanitr'i Abrahama, Isaka sy Jakôba ary ireo fianakavian'i Jakôba ihany no Andriamanitra izay tompointsika amin'izao andro izao!

Manontany tena aho ry namako sy havako hoe: hifidy ny hanaiky an'i Jesôsy ve ianao? Moa ve ianao ho voaovan'ny fahatokian'Andriamanitra? Moa ve ianao handray fiainam-baovao ankehitriny ary isan'andro? Vonona ny hizara ny fitiavany ve ianao?

*Omano sahady ny hira 1: walking by faith*

HIRA 5- JESUS THE ONE

**Famaranana ataon'ny Pasitora**

*Omano sahady ny hira 1: walking by faith*

HIRA 6: JESUS THE ONE

**FANAMARIHANA HO AN'NY MPITANDRINA MIKASIKA NY TORITENY**

Ry mpitandrina malala! Misaotra anareo noho ny fanehoana amin'ny mpianakavin'ny finoana ny maha-zava-dehibe ny famelana ny ankizy handray anjara amin'ny fanompoam-pivavahana ao am-piangonana ary koa amin'ny fanomezana azy ireo tombontsoa amin'ny fitarihana ny fotoana! Ao amin'ny fanamarihana ho an'ny mpitandrina dia misy soso-kevitra sy hevitra azonao ampidirina ao

anatin'ny toriteny fohy mandritra ny prôgraman'ny ankizy. Fantatray fa samy manana ny fomba fitoriany teny ny pasitora tsirairay, koa izany no nahatonga anay hanoso-kevitra mba hampifanarahanao ny fitaovana araka izay ilanao izany na hanomananao toriteny izay mifandraika amin'ny lohahevitra hoe: "Ny fahatokian'Andriamanitra eo amin'ny fihazonana ny teny fikasany". Amin'ny fiafaran'ny prôgrama iray manontolo no mety indrindra ampiasana ireny fitaovana ireny, amin'izany no hanampiany amin'ny fampiharana bebe kokoa ny hevitra ara-teôlôjia.

Hoy koa i Jesôsy: "*Fa na aiza na aiza no iangonan'ny roa na telo amin'ny anarako, dia ao afovoany Aho*."- Mat. 18:20. Toy ny ahoana ny toerana anaovanareo fivoriana? Mety ho trano kely vita amin'ny biriky izany na koa trano lehibe vaovao. Mety mampiasa ny sekolin'ny fiangonana ihany koa ianareo na tranon'olon-tsotra atao fiangonana. Na aiza na aiza misy anareo, dia aoka handray anjara ny fianakaviana, ary ny zava-dehibe indrindra dia eo Andriamanitra! Mahatoky tokoa Andriamanitra ary miaraka aminao Izy raha toa ianao eo am-panaovana ny asa manan-danja amin'ny fanampiana ny olona ao amin'ny fiangonana sy ny fiarahamonina mba hahalala an'i Jesôsy sy ho tia ary hanompo Azy.

Mivavaka ho anao izahay raha mampianatra ny ankizy sy ny tanora ary ny olon-dehibe ao amin'ny fiangonana mba ho mahatoky Aminy ianao!

Ny sampana miandidy ny ankizy any amin'ny Diviziona Amerika Avaratra

**SOSO-KEVITRA MIKASIKA NY SARY AN'OHATRA AMPIASAINA AMIN'NY TORITENY:**

FIZOTRY NY TANTARA TEO AMIN'NY FOTOANA: Mamoròna kisarisary maneho ny fizotry ny tantara teo amin'ny fotoana, mba hanampiana ireo fianakaviana hanaraka ireo fanekena samy hafa resahin'ny Soratra Masina. Mampiasà solaitra fotsy izay hanoritanao tsipika iray, apetraho eo amin'ny fizotry ny tantara ireo teboka samy hafa eo am-panaovanao ny toriteny. Raha talentanao ny manao sary dia manaova sary maneho ny fizotry ny tantara, azonao atao koa ny manonta sarisary kely mba hanehoana ny toe-javatra tsirairay hahafahan'ny ankizy madinika manaraka tsara. Eo am-pamaranana ny toriteny dia manaova sarina zana-tsipika avy eo amin'ny fanekena vaovao hatrany amin'ny Famoronana, izay maneho fa i Kristy no fahatanterahan'ny teny fikasan'ny fanekena tsirairay.

Sary

Famoronana- Ararata- Fanekena tamin'i Abrahama

Fanekena tamin'i Mosesy- Fanekena tamin'i Davida- Fanekena vaovao

**FANEKENA**- Mitondrà karazana fanekena marobe. Afaka mampiasa sary ianao na dika mitovy amin'ilay fanekena. Azonao ampiasaina ohatra ny fanekena atao amin'ny fanambadiana, ny taratasy fanamarinana ny maha-tompon-javatra, ny fifanarahana araka asa, …. Asongadino ny maha-zava-dehibe ny toeran'ny sonia eny ambany sy ny hevitry ny fanaovan-tsonia.

**Fitaovana fandefasana taratra sarina avana**: Raiso izany ary asehoy ny avana mamiratra eo amin'ny rindrina. Maneho ny teny fikasan'Andriamanitra tamin'i Nôà sy ny fianakaviany ny avana.

**FIRAFITRY NY LAHATSORATRA**

**Teny fampidirana: Inona no atao hoe fanekena?**

Fantatrao ve fa ny zavatra rehetra ataon'Andriamanitra dia miorina amin'ny fanekena? "Diatheke" no teny grika ilazana ny fanekena ao amin'ny TV. Tononina hoe Di-a-te-ke izany ary midika hoe "fifanarahana". "Beriyth" no teny hebreo ilazana ny fanekena ao amin'ny TT. Tononina hoe Be-rit izany. Fifanekena atao amin'ny alalan'ny fandalovana eny anelanelan'ny fatim-biby izany. Rehefa manao fanekena Andriamanitra dia fampanantenana mandritra ny fiainana izany, izay tsy ho rava na oviana na oviana. Misy karazana fanekena 5 lehibe ao amin'ny Baiboly. Ireo no maneho ny asa famonjen'Andriamanitra manerana ny Soratra Masina, nanomboka tamin'i Nôà ka hatramin'ny fanekena vaovao izay tanteraka tamin'ny alalan'ny sorona nataon'i Kristy.

**FANEKENA TANY ARARATA- Gen. 8-9**

**FANEKENA TAMIN'I ABRAHAMA- Gen. 12; 15; 17**

**FANEKENA TAMIN'I MOSESY- Deo. 28, Eks. 31**

**FANEKENA TAMIN'I DAVIDA- 2 Sam. 7; Sal. 72; Sal. 89; Sal. 132**

**FANEKENA VAOVAO- Jer. 31:31-34; Ezra 36:22-32**

**FAMARANANA**

Nifameno ireo fanekena nifanesy ireo, ary mandrafitra ny tantara fenon'ny fanavotana. Niaro ny tany tamin'ny alalan'i Nôà Andriamanitra, natombony tamin'ny alalan'i Abrahama ny fanavotana, naoriny tamin'ny alalan'i Mosesy ny firenen'i Isiraely, nampanantena mpiandry ondry-mpanjaka mandrakizay tamin'ny alalan'i Davida Izy, ary nanatanteraka ireo teny fikasana ireo tamin'ny alalan'i Jesôsy.

Indreto misy boky sasantsasany azo vakina ho fandalinana bebe kokoa


John Murray, *The Covenant of Grace*

Palmer Robertson, *The Christ of the Covenants*

Paul R. Williamson, *Sealed with an Oath*

Thomas R. Schreiner, *Covenant and God's Purpose for the World*

Michael Horton, *God of Promise*

Peter Golding, *Covenant Theology*